TOMPON'ANDRAIKITRA AO AMIN'NY PREZIDANSA

Nanao izay amoahana vola tsy ara-dalàna tao amin'ny orinasa SMMC

Manomboka mivoaka ny dosie mahakasika ny ataon' ireo olona miseho azy, ho henjana manodidina ny filohan'ny Repoblika amin' izao fotoana. Ity nivoaka tamin'ny faran'ny herinandro ity izao dia mikasika ny fanaovana sy fampiasana hosoka nataona ramatoa iray, tompon'andraikitra eo anivon'ny fiadidiana ny Repoblika, izay nentina namoahana vola be teo anivon'ny orinasa SMMC voalaza, fa hananganana "logement social" sy hanaovana ny tamboho mifefy ilay toerana ary hanaovana ny fikarakarana sy fanotofana tany ao Betainomby Toamasina. Efa tafavoaka daholo ny 80% ny vola tamin'ireo tetikasa ireo, kanefa raha ny fantatra dia tsy mbola vita ny asa, ary Zone Industrielle ilay toerana ary ny SMMC no tompony, nefa dia nahazahoana permis de construction. Fantatra fa mitentina 1 145 914 278,72 Ariary ny vola efa tafavoaka raha toa ka 1 394 967 848,40 Ariary ireo tetikasa manontolo. Orinasa iray ihany no voalaza fa nahazo ny tsenam-baro- panjakana tamin'ireo tetikasa telo ireo, izay fantatra fa olona misy ifandraisany ara-pitiavana amin'ilay tompon'andraikitra eo anivon'ny fiadidiana ny Repoblika. Araka ny vaovao voaray sy voamarina dia tsy nisy tolo- barotra natao tamin'ny nitadiavana ny orinasa nomena ireto tetikasa teo anivon'ny SMMC ireto, fa dia hosoka sy fampiasana hosoka no nataon'ireo mpiray tsikombakomba tamin'izany. Orinasa roa izay tena misy no natao sarintsariny ho nifaninanana tamin'ilay orinasa nomena ny tsena, saingy rehefa nisy ny fanadihadiana dia hosoka ny Sonia nampiasaina tamin' izany, satria ny tompon' ireo orinasa ireo dia nanamafy, fa tsy nandray anjara tamin'ny fifaninanana hahazo tsenam-baro-panjakana eo anivon'ny SMMC izany mihitsy. Eo ihany koa ny kitranoantrano natao tamin'io orinasa izay nomena ny tsena io, izay voalaza fa misy ifandraisany akaiky amin'ny tale jeneralin'ny SMMC ihany koa ny tompony. Araka ny voalazan'ny andalana faha 72 ao amin'ny andinin- dalàna mikasika ny tsenam-baro- panjakana, dia 20% ihany ny « avances » azo omena ireo mpandraharaha nahazo ilay tsenam-baro-panjakana. Tao anain'ity raharaha ity anefa dia efa mihoatra izany no nalain-dry zareo, izay tanisaina toy izao manaraka izao : 40% no «avances» nalain-dry zareo amin'ny marché mitentina 84 210 561 Ariary, izany hoe ny 33 684 224,64 Ariary, mikasika ilay trano antsoina hoe "maison témoin" contrat nosoniavina ny 21 Février 2019 - 50% no « avances » nomena andry zareo amin'ny marché mitentina 304 723 898,64 Ariary, izany hoe ny 152 057 331,79 Ariary, mikasika ilay fanamboarana ireo tamboho, fifanarahana nosoniavina ny 11 Novembre 2019. Rehefa izany dia nampanantsoin'ny teo anivon'ny IGE ilay lehilahy fanta- daza, tompon'ilay orinasa, saingy tsy nipoitra ny tenany fa ilay ramatoa izay voalaza fa olon- tiany, tompon'andraikitra eo anivon' ny fiadidiana ny Repoblika no tonga namaly ny antso sy nitondra fanazavana tany tamin'ny 11 febroary 2021 lasa teo, ary nilaza sy nanamafy fa azy io orinasa io, fa tsy an'ilay lehilahy. Nampanantena ny hitondra ny antontantaratasy sy ny antontankevitra rehetra manodidina ity raharaha ity moa io ramatoa eo anivon'ny fiadidiana ny repoblika io saingy hatramin'izao tsy nipoitra. Tsy efa miomana handeha hanao sesitany ny tenany izy izay? Azo antoka fa horaisin'ny eny anivon'ny Bianco sy ny PAC tsy ho ela ity raharaha ity, ary na Andriamatoa Filoha aza, inoana fa tsy hipetra- potsiny manoloana izao fanodinkodinam-bolam- panjakana sy afera maizina manimba endrika ny fitondrana izao.

Niaina

Fanasaziana fitateram-bahoaka

Tsy manana ny marina foana ny mpitandro filaminana

Saika nampiaiky ny mpandeha matetika, ny ataon'ny mpamily sy resevera amin'ny taxibe eto an-drenivohitra sy ny manodidina, amin'ny fihetsik'izy ireo. Eo ny fanararaotana sy ny familafilana na ny asa gaboraraka sy ny tsy fanajàna ny bokin'andraikitra. Misy fotoana manao ny tsy rariny ireo ary izay tratran'ny mpitandro filaminana manara-maso ny fifamoivoizana aloha dia mandraingiraingy amin'ny fandoavana sazy. Iarahan'ny maro mahalala izany toe-javatra izany.

Fa etsy ankilan'izay, ny mpitandro filaminana mpanaramaso sy mpisava ny fitateram-bahoaka ve mba manao ny asany marina? Indraindray mantsy misy toe-javatra mahavariana ny mpandeha ihany manjo ny mpitatitra. Tamin'ny herinandro lasa, ohatra, samy nahita ny mpandeha maro fa tsy hita izay fahadisoan'ny mpamily, fa nolazaina ho nandray olona teny amin'ny garazy 67ha. Nandeha niadana fotsiny ilay fiara rehefa tafahodina ny rond point avy any Andavamamba iny, ka hihazo io toerana be mpiandry taxibe io hizotra hankany Ampasika iny. Tsy naka mpandeha akory izy, fa nizotra niadana satria be olona tamin'ny sisin'ny arabe no sady nisy taxibe hafa koa teo alohany. Nisongona azy ilay môtô-n'ny polisy, irony motard irony, no sady nilaza tamin'ny mpamily hoe tsy fakàna olona eto fa tsy fiantsonana (arrêt) akory. Nosakanany avy eo ilay taxibe ary nalainy ny "papier"-n'ny mpamily, izay tsy sahy firy nanazava sy namaly azy, ary nentiny. Mazava loatra fa nahazo sazy ilay taxibe io. Gaga ny mpandeha maro tao anatiny nahita izany, ary hafa mihitsy ny nandraisany azy, fa tsy dia ny resaka tsy fanajàna loatra. Tsy vao izay akory no nisy izany teny amin'iny faritra iny fa efa nisy ihany koa tranga toy izany ihany, ary tsy resaka nampiditra mpandeha indray no nahazo azy, fa nolazaina ho tsy fanajàna ny toeram-piantsonana, izay ho an'ny mpandeha tsy nitombona loatra izany. Manana ny marina mandrakariva araka izany ve ny polisy n'inona n'inona fisehoan-javatra sy fanomezan-tsazy ireo mpitatitra amin'ny sehatra fitateram-bahoaka, ary tsy natao hihaino ny feon'ny mpandeha izy ireny? Fiainam-piarahamonina izany ary mila jerena ihany.

Radafy

Fivorian'ny Antenimierampirenena

Tokony hatao eny amin'ny CCI Ivato ihany hoy ny antoko TIM

Manoloana ny fivoriana ara-potoana faharoan'ny parlemanta Malagasy, hanomboka anio izay ho tanterahina amin'ny alàlan'ny « viseo conférence » dia nilaza ny solombavambahoaka Tim, Fetra Razafitsimialona, fa tokony ho eny amin'ny CCI Ivato ihany no hanatanterahana ny fivoriana. Nambarany fa tsy nisy ny fifampiresahana tamin'ireo solombavambahoaka, ankoatr'izay dia mbola maro ireo pitsompitsony tsy maintsy arahina vao afaka manao « viseo conférence ». Eo ihany koa ny fahasahiranana amin'ny tambazotran-tserasera. Tokony ho fihaonana mivantana ihany koa no hatao manoloana ireo minisitra voakasika hoy izy, fa tsy hatao « viseo conférence » izany mihitsy. Mbola nokianin'ny solombavambahoaka Tim ihany koa ny fomba fiasa toy ny fampiofanana ireo solombavambahoaka hampiasa ny tablette sy ny hafohezan'ny fotoana tamin'ny fiofanana momba azy io, ka tsy mankasitraka ny fivoriana hatao « viseo conférence » io izy ireo. Ny Antenimierandoholona moa dia eny amin'ny lapa maitson' Anosikely ihany no hanatanteraka ny fivoriana amin'ity anio ity, ny lapan'Anosikely anefa tery lavitra noho ny CCI Ivato. Ka nahoana ny iray hifanatrika mivantana, nahoana ny iray hatao ampitain-davitra (virtuelle)? Mampieritreritra tokoa.

Rajo

Ny CCI eny Ivato.

PRIERE AU SACRE CŒUR

Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Fanja A.

Marary lava tsy nety nahazo zaza

Vehivavy nampijalian'ny lolo ratsy nandritra ny 7 taona

Samy manana ny anjarany ve ny olona, sa misy ny ratsy vintana fa tanteraka ny faniriana rehefa karakaraina? Io no fanontaniana napetrak'izy mivady ireto. Toy izao mantsy ny fandehan'ny tantara : manambady ara-dalàna ity vehivavy ity. Any Toamasina izy ireo no mipetraka. Miasa rangahy vadiny ary samy salama izy roa. Ngezangeza izany anefa ilay vehivavy ary mibontsimbontsina ihany koa ny kibony. Fito taona nivadiana izy ireo fa tsy nety nitoe-jaza mihitsy ramatoa. Nentina namonjy hôpitaly ho karakaraina, fa tsy nisy fiovana, mbola nanatona voalaza fa mpitsabo vehivavy fa tsy nisy fiovana ihany. Ilay dokotera nandehanan'izy ireo aza dia nilaza, fa mangatsiaka kibo hono ravehivavy, ka tsy hiteraka mihitsy. Ny vola lany, ny aina reraka nefa tsy nahita mangirana izy mivady ireto. Very hevitra ka tsy maintsy niantso an'i Mr Aina mpitsabo eny Itaosy tamin'ny 0338348163 sy ny 0342902668, satria malaza hatrany Toamasina ny fahaizan'io mpitsabo io, sady manao fandaharana mivantana amin'ny televiziona tsy miankina ihany koa. Tapa-kevitra ary izy mivady ka niakatra taty Antananarivo.

Lafika no nahazo ilay ramatoa

Izao no izy hoy ity mpitsabo ity vantany vao nihaona izy telo mianaka. Tratry ny lafika ianao ary efa an-taonany ianao no voan'io fa tsy fantatrao akory. Mosavy nataon'olona io hoy ity mpitsabo ity, ary lolo ratsy natao hampijaly anao io, ka mila diovina ianao vao hitoe-jaza. « Sorabe » narahana vavaka no nikarakaran'ity mpitsabo ity azy ary tao anatin'ny 12 andro ny « traitement » natao taminy, avy eo dia nalefa nody tany Toamasina izy roa.

Nijoro vavolombelona ilay ramatoa satria teraka kambana

Vao nigadona tany Toamasina izy roa dia nanaraka ny toromarik'ilay mpitsabo ary gaga sy talanjona satria fotoana fohy taorian'io dia nitoe-jaza ramatoa. Nohamarinina teny amin'ny mpampivelona, ka tena zaza tokoa. Ngezangeza ianao hoy ilay mpampivelona, ka mety ho kambana mihitsy ny zaza aterakao. Nitohy ny fisafoana ka feno sivy volana katroka dia teraka ilay ramatoa ary kambana tokoa. Niaiky izy fa zava-dehibe loatra teo amin'izy mivady ny fikarakarana natao taminy. Saika tsy nisy mpandimby, kanjo dia kambana be izao. Hafaliana ny azy roa satria tsy nampoiziny ny soa azony raha saika namoy fo tsy hanan-janaka mpandova akory. Vao niantso ilay mpitsabo izy dia izao no valiny : tsy ianao irery hoy ity mpitsabo ity no nahazo fahasoavana toy izao, fa maro rehefa nanaraka fitsaboana teto amiko. Tsy io ihany hoy izy, fa eo ihany koa ny olona misedra olana ara-piainana, ka mila fanarenam-bintana, ny mosavy sy vorika samihafa, ny famahana ny olana samihafa, ny tratry ny bekorontana, ireo mila fikarakarana manokana toy ny varotra, asa, vady, sns… nefa izay mino dia hahazo izay iriany sy tadiaviny rehefa manatona eto amiko.

Namana